n° 51

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara
Mivoaka isaky ny telo volana
Septambra 2021

## MIKARO-BAHAOLANA MIARAKA AMIN'NY MPIOMPY TRONDRO !



### Amoron'i Mania

Ahoana no ahavoriana tantsaha betsaka amin'ny fikaroham-bahaolana miaraka ? (P. 5)

### Vakinankaratra

Miara-mamaha ny olan'ny fitantanan-drano (P. 6)

# Inona no atao hoe fikaroham-bahaolana miaraka ?

(P. 3)

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Nisafidy sy nampihatra ny fomba fiasa « fikaroham-bahaolana miaraka » ny ekipan'ny APDRA hatramin'ny taona 2018. Mahafaly anay araka izany ny manolotra io fomba fiasa vaovao io ato anatin'ity laharana ity.

Ny fomba fiasa « fikaroham-bahaolana miaraka » dia mikendry ny hampahomby ny famahan'ny tantsaha ireo olana manakana ny fampivoaran'izy ireo ny asa ataony.

Manam-pahaizana manokana amin'io fomba fiasa io, eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, no hanazava mialoha ireo fepetra fototra iorenan'izany. Aorian'izay, hasehon'ny ekipan'ny faritra Afovoan-tany ny fomba nandraisany io fomba fiasa io. Mpanentana sy mpanoro hevitra iray eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro, antsointsika hoe ACP, miasa ao Itasy kosa no hanazava ireo dingana arahiny amin'ny asa ataony eny ifotony. ACP iray avy ao amin'ny faritra Amoron'i Mania no hampahafantatra ihany koa ny paikady ampiasainy amin'ny fanetsehana tantsaha faran'izay betsaka hanatrika ireo fivoriana tanterahina ao anatin'io fomba fiasa io. Ankoatra izay, vehivavy mpiompy trondro iray, mpikambana anaty vondrona iray ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony, no hizara amintsika ny fahitàny ny fomba fikaroham-bahaolana miaraka. Hitondra ny asa nentin'ny vondrona tantsaha iray hamahana olana mikasika ny fitantanan-drano koa ny ekipa ao Vakinankaratra. Ary hanakatonana ny lohahevitra ny firesahana ny asa fikaroham-bahaolana miaraka tany amin'ny faritra Atsinanana sy ny hevitry ny tantsaha iray izay nandray anjara tamin'ireo dingana fampiharana rehetra.

Antenainay fa hahazoanareo fahalalàna bebe kokoa mikasika io fomba fiasa vaovao ampiharin'ny APDRA io ity laharana ity !

Mirary fahasalamana ho anareo izahay, amin'ny manaraka indray !

**Ny ekipan'ny FMT**

## INONA NO VAOVAO ?

# Nanomboka ny tetikasa AMPIANA 2 !

*Roa taona taorian'ny fikatonan'ny tetikasa fanohanana ny tsenam-barotra trondro ao Analamanga andiany voalohany, fantatra amin'ny anarana hoe AMPIANA, dia miroso amin'ny fanatanterahana ny tetikasa andiany faharoa ny APDRA.*

Ny voalohan'ny volana martsa 2021 no nanomboka tamin'ny fomba ofisialy ny tetikasa AMPIANA 2 ary haharitra efa-taona. Ankoatra ireo kaominina 26 niasany teo aloha, kaominina 24 vaovao misandrahaka amin'ny distrika enina no hanampy izany : Ambohidratrimo, Ankazobe, Antananarivo Atsimondrano, Antananarivo Avaradrano, Manjakandriana ary Arivonimamo.

ACP 7 no miasa any amin'ireo distrika ireo nanomboka ny volana jolay 2021 mba hanohanana ireo mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy trondro. Mizara tarika 3 izay tantanan'ny tompon'andraikitra 3 izy ireo. Ny tarika voalohany no misahana ny fanohanana ireo kaominina manaraka ny làlam-pirenena voalohany, ao amin'ny distrikan'Arivonimamo, raha miandraikitra ireo kaominina ao amin'ny distrikan'Ankazobe sy Ambohidratrimo, amin'ny làlam-pirenena fahaefatra, ny faharoa. Miasa ao amin'ny distrikan'i Manjakandriana, Antananarivo Avaradrano sy Atsimondrano kosa ny fahatelo.

Nijery ifotony ny famokarana zana-trondro tany amin'ireo kaominina efa niasana no asa voalohany nataon'ny ekipan'ny AMPIANA 2 mba hahafahana mamaritra tsara ny tohana homena. Mifanindran-dàlana amin'izay, natomboka ihany koa ny fampiofanana sy ny fanaraha-maso ara-teknika ho an'ireo mpamokatra zana-trondro hampizotra tsara ny fotoam-pamokarana 2021-2022.




*Fampiofanana ACP : fampiharana amin'ny fanamboarana fanamasahana*




*Fitsidihana toeram-piompiana trondro nataon'ny ekipan'ny AMPIANA 2, Vinany - Vakinankaratra*

## LOHAHEVITRA : Mikaro-bahaolana miaraka amin'ny mpiompy trondro !

# Inona no atao hoe fikaroham-bahaolana miaraka ?

*Laurent Dietsch, mpahay fambolena sy toekarena ary sosialy frantsay, dia mpikambana ao amin'ny GERDAL, sy ny TERO, orinasa kaoperativa iray ivondronan'ireo matihanina misahana ny fampandrosoana ny toeram-pamokarana ambanivolo. Ny taona 2017 izy no nanomboka nanohana ny APDRA Madagasikara tamin'ny fampiharana ny fikaroham-bahaolana miaraka.*

**FMT : Inona no atao hoe fikaroham-bahaolana miaraka ?**

**Laurent Dietsch :** Natao hanohanana ny tantsaha amin'ny famaritana sy famahana ny olana mahazo azy ireo io fomba fiasa io. Mikendry ny hahatonga ny tantsaha ho lasa « mpandray anjara » tanteraka amin'ny programa sy ny tetikasam-pampandrosoana fa tsy ho mpahazo tombontsoa fotsiny ihany io fanohanana atao io. Ahafahana mametraka asa entina mamaly ny hetaheta, ny zavatra andrasana sy/na ny zava-manahirana ny tantsaha araka izany izy io.

**FMT : Iza no namorona io fomba fiasa io ? ary inona no antony ?**

**Laurent Dietsch :** Ny Groupe d'Expérimentations et de Recherche : Développement et Actions Localisées (GERDAL) no nametraka io fomba fiasa io. Izy io dia fikambanana frantsay iray, niforona tamin'ny 1983, izay ivondronan'ny mpikaroka momba ny siansa misahana ny olombelona sy ny sosialy ao anatin'ny sehatry ny asa, ny fampandrosoana ny fambolena sy fiompiana ary ny fampandrosoana ifotony. Miankina amin'ny asa fikarohana nataon'izy ireo izay nahafahana nahazo tsara ny fomba entin'ny tantsaha manova ny fanaony sy ireo hetsika ara-tsosialy ifotoran'ireo fiovàna ireo izany. Natao hamahana ireo olana miverimberina teo amin'ny fampiharana ireo fomba taloha « nanapariahana ireo teknika vaovao » izany.

**FMT : Inona avy ireo fepetra fototra iankinany ?**

**Laurent Dietsch :** Mifototra amin'ireo voka-pikarohana nataon'ny mpikambana ao amin'ny vondrona GERDAL ity fomba fiasa ity :

- Ny fampiharana ny fomba fiasa na teknika vaovao dia tsy fampiharana ny fahalalana vaovao azo fotsiny ihany. Ho an'ny tantsaha voakasika, mifototra amin'ny zotram-pamahana olana apetrany (ny zavatra mandeha, ny tsy mandeha, ny tiany atao, sns.) izany fampiharana izany.
- Iaraha-manao ireo asa anatin'io zotram-pamahana olana io satria ao anatin'ny fifampiresahana no tena anatanterahana izany. Ny fifanakalozana traikefa sy ny fomba fanao ary hevitra mantsy no anatsaran'ny tantsaha ny famakafakany ny zava-misy, anovàny ny fomba fijeriny izany ary amokarany hevi-baovao amin'ny farany. Iarahana amin'ny tantsaha rehetra, mpiompy trondro na tsia, aloha io fifampiresahana io, mety hiarahana amin'ny mpisehatra hafa ihany koa anefa : teknisianina ohatra.
- Tsy misy afaka ny hamaritra ny olana eo amin'ny toeran'ny tantsaha ary miankina amin'ny fiaraha-miasan'ny tantsaha sy ny mpanentana na ny teknisianina izay miandraikitra indrindra ny « fanampiana ny tantsaha amin'ny fikaonan-doha » ny fikaroham-bahaolana. Eo amin'ny famaritana ny olana, fototra iray lehibe ny fanomezan-danja ny hevitry ny tantsaha, tsy mitovy amin'ny an'ny teknisianina na ny mpanentana.

**FMT : Nanao ahoana ary inona no nampitodika ny APDRA teto Madagasikara tamin'ity fomba fiasa ity ?**

**Laurent Dietsch :** Nitodika tamin'ity fomba fiasa ity ny APDRA taorian'ny fahatsapana fa tsy niova loatra ny vokatra azo tamin'ny fanatanterahana ny asa niankina tamin'ny « tantsaha mpanentana » mba hampiely ny fanapariahana ny teknikan'ny fiompiana trondro an-tanimbary nohatsaraina tao Afovoan-Tany. Niharihary mantsy fa tsy avy amin'ny tsy fahatongavan-tsaina amin'ny tombontsoa na koa ny fomba fanatanterahana ireo fampiharana ireo, rehefa fantatry ny mpiompy trondro an-tanimbary, no namparefo ny fametrahana izany tany amin'ny faritra sasany. Matetika dia avy tamin'ny fiatrehan'izy ireo ny sakana na ny olana izay mahasarotra, na tsy ahafahany manatanteraka na koa tsy ahazoana antoka ny fampiharana (fahazoana zana-trondro voafetra, tsy fahombiazan'ny fitantanan-drano an-tanimbary, ny mety ho fisian'ny halatra, ny fahavalo mpihaza trondro, sns.) no mahatonga izany. Ny famolavolana fomba fiasa anampiana azy ireo amin'ny famahana ireo olana sedrainy amin'ny fahafahana mampihatra ny ara-teknika amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary nohatsaraina araka izany no hitan'ny APDRA fa hampahomby kokoa ny fanapariahana izany.




*Mpandray anjara tamin'ny fampiofanana momba ny fomba fikaroham-bahaolana miaraka*

# LOHAHEVITRA : Mikaro-bahaolana miaraka amin'ny mpiompy trondro !

### Afovoan-tany

## Asa fampiofanana lehibe

*Sarotra ny fanatanterahana ny dingana amin'ny fikaroham-bahaolana miaraka ary nitaky fanomezana fahaiza-manao vaovao ho an'ny ekipan'ny APDRA iray manontolo. Natomboka tamin'ny taona 2018 niaraka tamin'ny fanohanan'ny manam-pahaizana, Laurent Dietsch (jereo pejy 3), ary mbola mitohy ny asa fandalinana io fampiofanana io.*

Miankina betsaka amin'ny ACP ny fahombiazan'ity fomba fiasa vaovao ity. Tokony hiova mantsy ny fomba fiasany ka tsy hijanona fotsiny amin'ny asa fanoroan-kevitra ara-teknika fanaony fa hifantoka betsaka amin'ny fanentanana sy ny fanamoràna ny fifampiresahana. Tsy tokony hiandry vahaolana mora raisina avy aminy intsony ireo mpamokatra fa handinika miaraka amin'ny fanampiany, manoloana ireo zava-manahirana azy ireo, mandra-pahitàny miaraka ny vahaolana mety sy azo tanterahina.

Tena zava-dehibe ity dingana fanofanana mpampiofana ity mba hahazoan'ny rehetra ny fomba fiasa. Nofanin'ny manam-pahaizana mivantana ny ampahany tamin'ny ekipa tamin'ny 2018-2019, nisy avy eo ny fampitàna fahaiza-manao tamin'ny ekipa ambiny, miaraka amin'ny fampiharana, ny fifanakalozana traikefa eo amin'ny samy ekipa ary ny fanaraha-maso matetika ny fandrindrana ara-teknika hamaliana ireo zava-manahirana ny tsirairay. Hatramin'ny 2018, fivoriana fikaroham-bahaolana miaraka 136 no notanterahina teny ifotony.

Fitaovam-pampiofanana maivamaivana kokoa, nalaina tamin'ny fitaovam-pampiofanana izay nomen'ny manam-pahaizana, no nentina nampiofanana ireo ekipa vaovao. Ireo ACP noraisina hiasa eo anivon'ny tetikasa AMPIANA 2 no nisantatra ny fisitrahana izany.




Fampiofanana ny ekipan'ny AMPIANA 2 amin'ny fikaroham-bahaolana miaraka

### Itasy

## Ireo dingan'ny fikaroham-bahaolana miaraka amin'ny mpiompy trondro

*Julia Andriamananjara, mpanentan'ny APDRA miasa ao Itasy, no manazava amintsika ny dingana arahina amin'ny fampiharana ny fomba fikaroham-bahaolana miaraka amin'ny mpiompy trondro.*

« Dingana telo no tokony harahina amin'ny fiaraha-mamaha olana na fikaroham-bahaolana miaraka eny ifotony. Mandritra ny fivorian'ny olona iray tanàna na avy amin'ny tanàna maromaro no itrangan'izany. Ny dingana voalohany dia ny famantarana ireo zava-manahirana ny olona amin'ny lafiny fiompiana trondro an-tanimbary. Mandritra io dingana io, ampiana ireo mpandray anjara hiresaka ny zava-misy iainany izay manakana ny fampiharany ireo teknikam-piompiana nohatsaraina. Tena manan-danja io dingana io satria ahafahana mamantatra, mahazo sy mitrandraka ireo sakana amin'ny fampiharana ny fiompiana trondro sy ny fanatsarana ny teknika. Miompana amin'ny fandravonana ny hevitra navoakan'ireo mpandray anjara tamin'ny dingana voalohany ny dingana faharoa. Rehefa azo tsara sy mazava ireo hevi-dehibe dia arafitra ho olana azo vahana. Ny mpandray anjara hatrany no mamaritra sy mankato ny vokatra, raha mahalaza tsara ny hevitr'izy ireo izany. Hamantarana ny olana marina sedrain'ny olona no tanjona amin'io dingana io. Aorian'izay, tokony hirosoana ny famahana miaraka ny olana, io no dingana fahatelo farany. Mbola anontaniana hatrany aloha ny hevitry ny mpandray anjara hahafahana mamaritra ireo olana laharam-pahamehana hovahana, iarahan'izy ireo mikaroka avy eo ny vahaolana marina hampiharina.

Tsapako fa tsy mora ny mandresy lahatra ny tantsaha hampihatra ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary nohatsaraina. Ity fomba vaovao ity anefa no nampianatra ahy hihaino tsara azy ireo sy hiezaka ny hahazo ireo sakana sedrainy. Mora kokoa ny manome torohevitra sy miara-mitady vahaolana amin'izy ireo rehefa mazava sy voafaritra tsara ny olana. Manamora ny fananganako drafitr'asa fanohanana ihany koa io fomba fiasa io. Manampy ahy betsaka amin'ny famolavolana paikady fampiroboroboana sy fanapariahana ny fiompiana trondro an-tanimbary ato amin'ny faritra iasako izany. »

# LOHAHEVITRA : Mikaro-bahaolana miaraka amin'ny mpiompy trondro !

### Amoron'i Mania

## Ahoana no ahavoriana tantsaha betsaka amin'ny fikaroham-bahaolana miaraka ?

*Casimir Andrianantenaina, mpanentan'ny APDRA ao amin'ny faritra Amoron'i Mania, no hampafantatra ny teknika ampiasainy hahazoana tantsaha betsaka amin'ny fivoriana hikarohana, miaraka amin'izy ireo, vahaolana amin'ny olana iraisan'izy ireo.*

« Ny fivorian-dehibe voalohany no entina manangona sy mamaritra ireo zava-manahirana ny tantsaha. Zava-dehibe ny fanatrehan'ny olona rehetra izany hahitàna vahaolana mahomby any aoriana. Mpanentan'ny APDRA ato Amoron'i Mania ny tenako ary manana fomba fiasa hanamorana ny fikarakarana ny fivoriana sy hahazoana olona faran'izay



Fivoriana fikaroham-bahaolana niaraka tamin'ny mpiompy trondro tao Imito

betsaka. Resahiko amin'ireo mpiompy trondro efa miara-miasa amin'ny APDRA aloha ny fomba fikaroham-bahaolana miaraka. Azavaiko amin'izy ireo ny dingana arahina. Izy ireo no mijery izay olona asaina. Ankoatra izay, ampahafantariko ny manam-pahefana eny ifotony toy ny sefom-pokontany na ny ben'ny tanàna ny votoatin'ny fivoriana. Manampy amin'ny fanentanana ny olona hivory ihany koa ireo mpiompy trondro sy manam-pahefana ireo. Andefasako taratasy fiantsoana ny olona hovoriana ary ametahako peta-drindrina ireo toerana be mpandalo. Misy fitomboky ny kaominina na ny fokontany ireo taratasy ireo mba hanan-kery bebe kokoa.

Zava-dehibe ny fijerena ny fotoana hivoriana, ny daty sy ny ora ahafahan'ny besinimaro. Tsy tokony hifanindry amin'ny fotoanan'ny tsena na ny raharaha toy ny fiasana an-tanimbary na ny fanetsana, na amin'ny lanonana toy ny didim-poitra, ny famadihana, sns. izany. Fivorian-dehibe voalohany hikaroham-bahaolana miaraka miisa 3 no efa nokarakaraiko. Manodidina ny 50 ny isan'ny mpandray anjara, mpiompy trondro sy tantsaha misehatra amin'ny asam-pamokarana hafa, isaky ny fivoriana. Mora kokoa ny manentana ny olona hivory rehefa ny olana tena mampijaly azy ireo no resahina. »

### Matsiatra Ambony

## Ahoana ny fahitàn'ny tantsaha ny fomba fikaroham-bahaolana miaraka ?

*Ventsonirina Marie Gorettie antsoina hoe « Ventso », mpikambana ao amin'ny fikambanana Mila Vonjy, ao Marovovotany Ambalafandrambato, kaominina Talata Ampano, distrikan'i Vohibato, no hiresaka amintsika ny fahitàny ny fikaroham-bahaolana miaraka.*

**FMT : Ahoana ny fahitànao ny fomba fikaroham-bahaolana miaraka ?**

**Ventso :** Vokatry ny fomba fikaroham-bahaolana miaraka dia afaka nandalina ireo sakana amin'ny fampandrosoana ny seham-pihariana trondro ny mpikambana. Ny zava-manahirana anay dia ny fitantanana ny rano, ny halatra sy ny sotasota, ny teknikam-pamokarana nohatsaraina, ny fahazoana sy fitahirizana zana-trondro, ny fahazoana fitaovana, ny fampanarahan-dalàna ny fiainam-pikambanana... Ny fitantanana ny rano sy ny fahazoana fitaovana no nosafidinay hovahàna voalohany.

**FMT : Manao ahoana ny fizotry ny famahana ny olana ?**

**Ventso :** Tamin'ny septambra 2019 izahay no nanomboka nitady vahaolana tamin'ireo zava-manahirana anay ireo. Ho an'ny fitantanana ny rano dia nanapa-kevitra izahay ny hanentana ny mpiray tanàna hanao asa iombonana, toy ny fanajariana sy ny fanadiovana lakan-drano, izay hahafahan'ny rehetra mahazo rano bebe kokoa sy mampihatra ny fiompiana trondro nohatsaraina. Mikasika ny fahazoana fitaovana indray dia nitsidika ny tompon'andraikitry ny



Ventso, mpikambana ao amin'ny fikambanana Mila Vonjy

## LOHAHEVITRA : Mikaro-bahaolana miaraka amin'ny mpiompy trondro !

programa PROSPERER aloha izahay. Efa voapetraka ny fangatahana fampitaovana ary andrasana ny fankatoavan'ny mpiara-miombon'antoka izany.

**FMT : Inona no olana nosedrainareo ?**

**Ventso :** Tany am-boalohany dia somary sarotra ny fanentanana ny olona hiara-hiasa. Tsy maintsy nohazavaina tamin'izy ireo fa tombony ho an'ny rehetra ny asa. Mety hitarazoka ny fanohizana ny asa famahana olana noraisina. Miankina amin'ny fandaharam-potoanan'ny mpiara-miombon'antoka ohatra ny fankatoavana ny fangatahana fampitaovana.

**FMT : Inona no soso-kevitra azonao atolotra ?**

**Ventso :** Amiko, tokony hanao fanombanana ny asa vita ny tompon'andraikitra tsirairay, teknisianina, mpiara-miombon'antoka na mpikambana. Tokony hojerena raha nahomby sy maharitra ny vahaolana.

### Vakinankaratra

# Miara-mamaha ny olan'ny fitantanan-drano

*Asehonay ato anatin'ity lahatsoratra ity ny fomba sy ny asa nentin'ireo tantsaha mpikambana ao amin'ny Fihavanantsoa, ao amin'ny kaominina Soavina, distrikan'i Betafo, hamahana ny olana iraisan'izy ireo.*

Nandritra ny fivoriana fanombanana ny taom-pamokarana tamin'ny volana oktobra 2019 no niresaka momba ny olana mikasika ny fitantanan-drano amin'ny toerana iasan'izy ireo ny mpiompy trondro tohanan'ny APDRA ao amin'ny fokontany telo ao amin'ny kaominina Soavina. Tamin'ny volana desambra 2020, nisy fivoriana nokarakaraina hiaraha-mamaha io zava-manahirana io. Ny fahatsentsenan'ny




*Fivorian'ny mpiompy trondro tao Soavina*

lakan-drano sy ny fahasimban'ny barazy no voafaritra ho sakana amin'ny fampandrosoana eny ifotony ka natao ho laharam-pahamehana ny fanarenana izany. Nilaza anefa ireo mpiompy trondro 30 voakasika fa tsy ho vita ny tetikasa raha tsy misy famatsiam-bola. Nampifandray azy ireo tamin'ny Fonds de Développement Agricole (FDA) ny mpanentan'ny APDRA. Mba hahafahana mangataka famatsiam-bola dia nanangana fikambanana antsoina hoe Fihavanantsoa ny tantsaha. Nofidin'izy ireo ny birao, najoro ara-panjakana ny fikambanana ary natomboka ny fanangonana ny anjara biriky 20 % notakiana, izay 10 000 Ar isaky ny mpikambana. Eo am-pandrafetana ny fangatahana famatsiam-bola izy ireo ankehitriny.

Eo am-piandrasana io tohana ara-bola io, niroso tamin'ny fividianana ireo fitaovana (vato, fasika, simenitra) ilaina amin'ny fanatsarana ny barazy sy ny fanamboarana ny basy (lakan-drano mihantona) ny tantsaha. Nodiovin'izy ireo ihany koa ny lakan-drano, izay mirefy 250 m eo ho eo. Nampifandraisin'ny mpanentan'ny APDRA tamin'ny ONG « Cœur de forêt » izay misahana fambolen-kazo natao hiarovana ny nofon-tany sy hialàna amin'ny fahatotoran'ny lakan-drano izy ireo avy eo. Zana-kazo miisa 1 650 no novolen'ny tantsaha izay niantoka ihany koa ny fitaterana izany.

### Atsinanana

# Fandraisana ny fomba fikaroham-bahaolana miaraka

*Mety haharitra ela ny fizotry ny asa fikaroham-bahaolana miaraka. Ilaina anefa io fotoana io mba hahafahana mamoaka ny tena zava-manahirana ny mpamokatra, hanasongadinana ny soson-kevitra famahana olana aroson'izy ireo avy eo.*

**Fitadiavana vahaolana amin'ny halatra**

Natao tao Vatomandry niaraka tamin'ny solon-tenam-paritra roapolo eo ho eo ny fivoriana voalohany izay namaritana zava-manahirana 11 ka 4 no nataon'ny mpandray anjara ho laharam-pahamehana. Taorian'izay, nitsidika ny faritra tsirairay ny ekipa hanamafy na hamerina ny famaritana ireo zava-manahirana efa voalaza tamin'ny alàlan'ny fanomezam-pitenenana ny mpiompy trondro rehetra. Araka izany, natao izay hahazoana valin-teny mahasolo tena ny olona rehetra voakasika. Ny halatra anefa no nataon'ny ankamaroan'ireo vondrona ho loha-laharana raha tsy tafiditra tao anatin'ny 4 voafaritra ho laharam-pahamehana izany tamin'ny fivoriana voalohany. Maneho tsara ny ilàna ny fakana fotoana hankatoavana ny olana izany. Nisy andiam-pivoriana faharoa natao niaraka tamin'ireo vondrona mba handrafetana ireo olana sedraina amin'ny halatra ho lasa olana 5 mora iasàna. Iarahana mamaritra vahaolana ny dingana fahatelo. Tamin'ny volana jolay 2019 no nokarakaraina ny fivoriana nanangonana ireo mpisehatra teo amin'ny làlam-pihariana (lahatsoratra ao amin'ny FMT n° 46). Naneho ny fahitàny ny vahaolana tamin'ireo fanontaniana 5 napetraka ny tsirairay, mialoha ny handalinana

## LOHAHEVITRA : Mikaro-bahaolana miaraka amin'ny mpiompy trondro !

ireo hevitra samihafa ireo hahazoana marimaritra iraisana. Teo andaniny, voafaritra ny filàn'ny mpiompy trondro rafitra hahatsara ny fampitan'izy ireo ny fitakiany mikasika ny halatra sy hahazoana vola hiadiana amin'ny halatra (fanonerana ny olona niharany, famatsiam-bola ny fitsarana, valisoa ho an'ny vavolombelona, sns.). Teo an-kilany, ny fanasongadinana ny fampanarahan-dalàna ny seham-pihariana hanjohin'ireo mpisehatra ny làlan'ny trondro (sy hanakanana ny fivezivezen'ny trondro halatra). Niseho ny lanjan'ny fikaroham-bahaolana miaraka satria nazava sy tena nivaingana teto ny vahaolana (Ohatra : ny fametrahana kahie fanaraha-maso ny làlan'ny trondro, izay ankatoavin'ny manam-pahefana) ary nifanaraka kokoa tamin'ny zava-misy (Ohatra : fikambanana eo anivon'ny kaominina aloha fa tsy ny faritra). Izany hoe, taorian'ny fandinihana, dia azo heverina, fa niandry vahaolana avy amin'ny APDRA ny mpandray anjara tany aloha, nanakana ny fandraisan'izy ireo an-tànana ny vahaolana izany avy eo.




*Martial teo am-panadihadian'ny ekipan'ny APDRA azy*

**Miara-miasa hiadiana amin'ny halatra**

*Miompy trondro ao amin'ny kaominina Ambalavolo hatramin'ny taona 2014 Rasolofomanana Martial. Tamin'ny 2016 no nisy nangalatra voalohany ny ray sy renintrondrony ka nanimba ny ezaka vitany tao anatin'ny 2 taona. Hatreo no nandraisany anjara tamin'ny asa rehetra mikasika io lohahevitra io, anisan'izany ny fikaroham-bahaolana miaraka.*

**FMT : Inona no voarainao tamin'ireo atrikasa tamin'ny taona 2019 tao Vatomandry ?**

**Martial :** Tsapako fa ny mpiompy trondro no manomboka ny hetsika satria tsy nisy fivoarana mihitsy ny ady natao tamin'ny halatra trondro, izay olana fototra sedrain'izy ireo satria ny fanatavizana trondro dia tsy sarotra. Hatramin'ny 2016, nampiakariko tany amin'ny APDRA sy ny manam-pahefana ny olana saingy tsy hitako izay fiovana. Efa resy lahatra aho tamin'ny fivoriana voalohany natao tao Vatomandry tamin'ny taona 2017 fa ny fivondronana anaty kaoperativa no fomba hampivoarana ny zava-misy. Raha tiana ny hiady amin'ny halatra, ilaina ny vondrona ara-dalàna hahazoan'ny mpiompy trondro mifampiresaka tsara amin'ny manam-pahefana sy mahita fiovana.

**FMT : Inona no niova teo anelanelan'ny 2017 sy 2019 ?**

**Martial :** Tamin'ny taona 2017, izaho irery no resy lahatra taorian'ny fampiofanana mikasika ny kaoperativa nomen'ny mpiara-miombon'antoka amin'ny APDRA fa tsy nisy nety nanao io kaoperativa io ny manodidina. Nanomboka tamin'ny taona 2019, nahafahako nanetsika mpiompy trondro hafa ireo fivoriana nokarakarain'ny APDRA. Na teo aza ny fahasahiranana tamin'ny fikarakarana taratasy dia 8 ankehitriny ny mpikambana sady efa voafidy ny birao ary raha tsy misy ny sakana dia hapetrakay tsy ho ela ny antontan-taratasy raikitra.

## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 50

*« Inona no anaran'ilay ampanga ampiasaina [Fakana fopoho sy ampanga atao fitaovam-panatodizana] ? Raha ny fahafantarako azy dia maro karazana ny ampanga toy ny ampangan'amalona, ny ampanga be, sns… »* Rakotonoelina Benindrina (Iaranarivo, Mandiavato)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Fakan'ny ampangan'amalona no ampiasaina. Zava-maniry amoron-drano na amin'ny toerana mando izy io.

*« Azo hazavaina bebe kokoa ve ny fopoho ary aseho tsara ny sariny ? »* Randriatsima Remi (Antoby Est)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Ny fopoho dia hazo izay manana haavo 4 na 5 metatra ary maniry amoron-drano. Maniry anaty rano ny ampahany amin'ny fakany izay anatodizan'ny trondro miaina amin'ny toerana voajanahary mandritra ny fotoana fanatodizana. Misy voany io zava-maniry io ary mbola ahitana voa-madinika maro koa ao anatin'izany. Ny sary ao amin'ny laharana teo aloha dia maneho tsara ny raviny sy ny voany.

*« Miankina amin'ny akora fampiasa amin'ny talatalana ny fampanatodizana. Eto izao [fakana fopoho sy ampanga atao fitaovam-panatodizana], zatra nampiasa ampanga ny mpiompy trondro ka izay no takian'ny renintrondro. Afaka manandrana mampiasa akora hafa ny mpiompy tsirairay ary mizara ny traikefany ato anaty LVRP. »* Euphrasie (Ankaramena)

*« Tsara ny mahita zava-baovao tahaka itony [Dobo fitahirizana zana-trondro] ! Firy anefa ny zana-trondro azo tahirizina anaty dobo fitahirizana mirefy 1 m² ? Ary hafiriana no ahazoana mitahiry azy ao anatin'io toerana kely io ? »* Ndrinambinina Fenomamy Basile (Antsampanan'Amboditavolo, Amboditavolo)

**Valin-tenin'ny APDRA :** zana-trondro 300 eo ho eo no azon'ny mpiompy trondro tahirizina ao anatin'io karazan-dobo io mandritra ny alina (mialoha ny hivarotana azy) raha toa ka misy rano mikoriana tsara.

*« Tena tsara ilay ezaka fanamboarana dobo amin'ny* béton *manoloana izao fiovaovan'ny toetrandro izao. Ahafahana mifehy tsara ny rano izany saingy mitaky fandaniam-bola betsaka koa. Ilaina fitantanana tsara izany raha tiana ny hiditra lalina hialana amin'ny fatiantoka. »* Ramasy (Sakaviro)

*« Nanintona sady tafita tsara ny hafatra tiana hampitaina momba ny dobo fitahirizana zana-trondro ao amin'ny faritra Vakinankaratra. Tohizo ny fanehoana an-tsary izay manamora ny fahazoana ny votoatiny ! »* Randrianjatovo Emile Roger Martin

*« Tsy mazava tsara amiko ny fampanatodizana anaty dobo barazy [Ny anjara asa vaovaon'ny dobo barazy]. Atao miaraka amin'ny laoka (trondro) hafa ve izy io sa esorina tao an-dobo ny laoka hafa ka ny ray sy renintrondro karpa ihany no atao ao ? »* Ramanantoanina Jean Félix (Soatanana, Amboditavolo)


**Valin-tenin'ny APDRA :** Avela ao an-dobo miaraka amin'ny ray sy renintrondro karpa ny trondro hafa ary atao afaka 3 volana aorian'ny daty fanatodizana voavinavina ny fandritana hakana ny zana-trondro. Azo atao ihany koa ny mametraka fitaovam-panatodizana (tsikafona) amin'ny fotoana fanatodizana, afindra avy hatrany raha vao mahatazana atody. Marihina fa kely ny vokatra azo amin'io fomba io mitaha amin'ny teknika fampanatodizana voaara-maso.

*« Nahaliana ahy ny teknika famokarana olitra hamahanana ray sy renintrondro ary trondro matavy nozarain'Atoa Randriantiana Ravo avy ao amin'ny faritra Itasy. Azo ampiharina tsara izany rehefa tsy ampy ny zezika hanamasahana. Misaotra amin'ny fizarana ! »* Razanakiarivo Mario Ansèlme (Antananomby, Fiadanana)

# SAMIHAFA


## RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.




1. Hazandrano azo ompiana an-tanimbary na an-dobo
2. Mifanohitra amin'ny mandeha irery
3. Toe-javatra mila vahana mba ahafahana miroso
4. Fihaonan'olona vitsivitsy na maro, miara-midinika momba ny zavatra iray
5. Fitadiavana vahaolana miaraka
6. Olona manao ho anton-draharaha ny fiompiana
7. Toe-javatra na hevitra mamaha olana

***Valin'ny teny mifampiditra tao amin'ny n° 50 :*** Fopoho




## Ny tombontsoa ara-pahasalamana entin'ny trondro

*Isika rehetra dia maniry ny hanan-janaka matanjaka, mahay, ary tomady ! Miantoka ny fahatanterahan'izany ny fanomezana azy ireo sakafo maro karazana sy tsara kalitao. Ny trondro sy ireo singa mahavelona ao aminy dia mandray anjara amin'ny kalitaon'ny sakafo sy ny fivoaran'ny zanantsika. Hofantarintsika bebe kokoa ny mahazava-dehibe ny fihinanana trondro !*

Manan-karena singa mahavelona maro ny trondro :

- Ny proteina : Ahitàna proteina ilaina amin'ny fanamboarana ny nofo sy ny herijika ny trondro milanja 100 g. Tsara raha mihinana proteina 0,8 g/kg isan'andro (izany hoe 48 g isan'andro ho an'ny olona milanja 60 kg, ohatra).
- Ny asidra matavy *oméga-3* dia natao hamerana ny fanaintainana, ny aretin'ny fo, sy hanatsarana ny fiasan'ny ati-doha ary hanamafisana ny ady amin'ny aretina.
- Ny otrikaina A dia manan-danja amin'ny fiasan'ny maso sy ny fitombona. Mihena ny taha-pahafatesan'ny zaza latsaky ny 5 taona eo amin'ireo zaza manana tahana otrikaina A ambony. Mahomby kokoa ny otrikaina A ao amin'ny trondro mitaha amin'ny hita ao amin'ny zava-maniry.
- Ny otrikaina D sy B12 dia mampitombo tsara ny taolana sy manatsara ny fiasan'ny vatana amin'ny ankapobeny.
- Ny singa mineraly toy ny vy, ny kalsioma, ny *zinc*, ny faosifaoro sy ny *sélénium* : rehefa avy amin'ny trondro dia mora levon'ny taova. Manatsara ny fiasan'ny vatana ihany koa izy ireo.

Ankoatra ireo proteina izay tena ahalalana azy dia hita fa manampy betsaka ny sakafo ny trondro. Mampahomby ny fisorohana ny tsy fanjariantsakafo sy mahasalama lalandava ny fihinanana trondro matetika !




*Ireo singa mahavelona ao anatin'ny trondro*

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*
Barbara Bentz
*Tonian'ny Fanoratana*
Sidonie Rasoarimalala
*Mpanoratra*
Julia Andriamananjara
Herisoa C. Andrianantenaina
Zo Andrianarinirina
Safidimalala Anjaratiana H.
Zo L. Andry Manampisoa
Julie Mandresilahatra
Clémentine Maureaud
Ramanamandimby Fihaonantsoa
Tsiry Randriampeno
Eric Zafimandimby
Julien Sadousty